



Jésus Vivant en Marie

Teny Malagasy

RESADRESAKA NIARAKA TAMIN I
FRERE DEZY (DÉSIRÉ), SMM:
« JE FAIS LES CHOSES SIMPLES MAIS AVEC UN
GRAND AMOUR DANS MON CŒUR »



Fanazavana ara-baiboly:

Salamo 118

Fijoroana

vavolombelona:

Piramida mafy orina

Aim-panahy

Montfortana:

**Montfort, Firaisam-pinoana,
Fifanakalozana eo amin'ireo
samihafa finoana sy
antso eran-tany ho amin'ny
fahamasinana**


Vaovao:

**Fifampizarana fiadanana
nataon'i Cheikh Ahmad**

Montfort: Tononkira 17

« Omeo fahalalàna aho hitandremako ny Lalànao,
sy hanarahako azy amin'ny foko tontolo »

Pierrette MAIGNÉ



SALAMO 118, 1-5. 17-18.33-34

Sambatra izay madio famindra,
fa mizotra amin'ny Lalàny Tompo !
Sambatra izay mitandrina ny Fanambaràny,
sy mitady azy amin'ny fony tontolo !

Ianao ihany no namoaka ny
Lahatrao mba hotandremana fatratra.
Enga anie ho marin-toetra ny lalako
amin'ny fitandremana ny Fitsipikao !

Asio soa ity izaho mpanomponao :
ka ho velona sy hitandrina ny Teninao !
Alao tampina ny masoko hibanjina
ny zava-mahagaga amin'ny Lalànao !

Tompo ô, toroy ny lalan'ny Fitsipikao aho,
mba hitandremako azy hatramin'ny farany.
Omeo fahalalàna aho hitandremako ny Lalànao,
sy hanarahako azy amin'ny foko tontolo !



Ny salamo 118 no hatolotry ny litorjian'ny Fiangonana ho antsika amin'ny alahady faha-6 mandavantaona (16 febroary 2020).

Ity salamo ity, izay ampahany kely ihany no hitantsika eto, no lava indrindra amin'ny vavaka miaraka amin'ny salamo rehetra satria miisa 22 ny andininy, izay maro noho ny litera ao amin'ny alfabeta hebrio ary isaky ny andalana iray amin'ny andininy dia manomboka amin'ny litera mitovy araka ny filaharan'ny alfabeta.

Ity salamo ity no salamon'ny fanekem-pihavanana, hiran'ilay « raikim-pitiavana » an'Andriamanitra ka tsy mitsahatra ny mitory amin'ny endriny rehetra ny fitiavany ny lalàny Tompo sy ny faniriany hiaina sy haharitra amin'izany.



Araka izany dia mampiasa ireo voambolana rehetra manodidina ny teny hoe « lalàna » izy : ny faniriana, ny fitsipikao, ny fitsarànao, ny didinao, ny fanapaha-kevitrao... satria ny lalàna dia tsy misaraka amin'ny Fanekem-pihavanana, ilay fanekem-pihavanana atolotr'Andriamanitra ny vahoakany. Fanomezana ny lalàna, ilay fanomezan'ny fanambarana ; tsy hoe fitambaran-dalàna tokony harahina akory izy fa kosa mampianatra izay lalàna hankanesana any amin'Andriamanitra ; izany no mahatonga azy ho fototry ny hafaliana sy fitaovam-pitiavana. Fitsipi-piainana izy : *jereo fa ataoko eo anoloanao anio ny fiainana sy ny fahasambarana ankilany, ary ny fahafatesana sy ny loza andaniny. Izay handidiako anao anio... tandremanao ny didiny aman-dalàny mbamin'ny fitsipiny dia ho velona ianao. (Dt. 30, 15-16).*

Miantomboka amin'ny toe-pahasambarana ity salamo ity : « sambatra » ; eny, manoro antsika lalam-pahasambarana Andriamanitra ary izany ihany koa no hataon'i Jesoa amin'ny toriteny eny an-tendrombohitra. Noho izaho tia no mahatonga ahy hihaino, no hanekeko amin'ny foko tontolo. Hampifandraisin'i Jesoa koa izany fanekena sy fitiavana izany: *raha tia ahy ianareo dia hitandrina ny didiko. (Jn. 14-15).*

Alao tampina ny masoko hibanjina ny zava-mahagaga amin'ny Lalàna! Ny teny hoe zava-mahagaga eto dia maneho fahazavana; ao amin'ny sitrapon'Andriamanitra dia ahatsapàna fikasàna mamirapiratra, dia ny firedaredan'ny

faniriany fiombonana. Rehefa mahiratra ny masontsika dia mahatazana teboka mamirapiratra maro mirehitra, famantarana maro izay manintona antsika ary mampiseho antsika fa ny angatahin'Andriamanitra dia ny mahaso sy tsara, satria lalam-piainana sy lalam-pahasambarana iray.

Mba hitandremako azy hatramin'ny farany. Ny ambaran'ny mpanoratra ny salamo eto dia fahalalàhana feno tsy misy sakan-tsakana amin'izay andidian'Andriamanitra. Ireo fitsipika sy ireo sitrapon'Andriamanitra dia tena fanehoampitiavany tokoa ka ny fahafahana mitahiry azy ireny dia efa fahasambarana ho an'ny tena; ary ny mampifanaraka ny toe-piainana amin'izany dia miaina ilay fiombonampitiavana miaraka amin'Andriamanitra.

Omeo fahalalana aho itandremako ny Lalàna, sy hanarahako azy amin'ny foko tontolo ! Tsy maintsy omen'Andriamanitra fahalalàn'ny fo isika satria tsy fihetsika maneho fanarahan-dalàna no resahina fa fihetsika fanehoampitiavana, fihetsika feno fanetren-tenan'ilay mikatsaka ny hampifalifaly ny tiany ary mahasambatra azy izany.

Jesoa no malalako
 Jesoa no harenako
 Ary ny alina sy ny andro
 Dia averimberiko ihany :
 Ny fitiavana (Cantique 54) ■



Piramida mafy orina: Ny Fahendrena, ho an' i Md Louis-Marie Grignon avy any Montfort

arak'i Marcel Chapeleau, *Freran'ny Masina - Gabriely*



**Fijoroana
vavolombelona**



Mizara ho telo ity fijoroana ho vavolombelona ity:

- 1- Ny maha izy azy an'i Montfort dia lehilahy ara-panahy mifototra amin'ny fiainam-panahin'ny Fahendrena.
- 2- Famaritana sy fampisehoana ny fiainam-panahy montfortana.
- 3- Fametrahana ny sekolim-piadian-dry Freran'ny Masina-Gabriely tao anatin'ny tsy fivadihana amin'ny fiainam-panahy hatrany am-boalohany.

I. NY MAHA IZY AZY AN'I MONTFORT DIA LEHILAHY ARA-PANAHY MIFOTOTRA AMIN'NY FIAINAM-PANAHIN'NY FAHENDRENA.

Ahoana no namantarako an'i Montfort, ilay misionera nohamasinina pretra tamin'ny 1700 sy niaina tany Andrefan'ny Frantsa? Nanomboka teo amin'ny faha 18 taona no naniriako handalina ny toe-panahin' i Montfort nandritra ny fiofanako tao amin'ny Novisia. Tapa-kevitra ny tia hahalala misimisy kokoa ny fiainany sy ireo asa-sorany aho rehefa nandre mpikambana ao amin'ny fironanan-dry Focalari nitonona azy im-betsaka tao amina fihaonana tamin'ny 1964. Niteny irery aho nanao hoe: "Ahoana no ahafahandry Chiara Lubrich sy lahika maro tena manindrahindra azy?"

Ary tamin'ny 1998, tsara ny andro tamin'izay, 14 taona taorian'ny nahatongavako tao amin'ny Nosy Maorisy, i Mgr Maurice E.Piat, evekan' i Port-Louis dia nangataka tamiko hanoratra boky momban'ny "fiomanana amin'ny fanokanan-tena amin'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny tanan'i Maria arak'i Grignon avy any Montfort". Naniry teny fampidirana maneho ny hafatr'i Montfort sy ny dikan'ny "Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria". Ary satria "Spiritain" izy, dia nahalala an'i Montfort.



Tian'I Eveka hotokanana teo anoloan'ireo solon-tena lehilahy sy vehivavy avy amin'ny fikambanan-dreljiozy manontolo ny edisiona voalohany. Andro nanakonan'ny volana ny masoandro tany Eoropa tamin'izay (ny 11 aogositra). Tadidiko aho niteny an'ity: "Ny volana dia afaka manakona ny masoandro, fa I Maria, rehefa eo anoloan'ny masoandron' I Kristy, dia tsy manakona azy izy fa mampiseho." I Montfort ihany koa dia mampiasa io sarisary mba hilazana fa I Maria dia ilay "Paradisian'Andraiamanitra", mameno ny "masoandro" izy; fahazavan'izao tontolo izao.

Filoham-pikambanana iray taloha, F.Jean Bulteau, niteny tamiko fa ny toe-panahin'I Montfort dia misy lafiny roa; ilany iray fiainam-panahy, ilany hafa fanabeazana sy fampianrana. Ary zavatra sahala amin'izany ihany koa no hitako ao amin'I Don Bosco; hita mazava tsara izany eo amin'ireo mpanorina roa lahy ireo.

Nipoirana fikambanana telo I Montfort: ireo *zanaka vavin'ny Fahendrena, ireo misionera "compagnie de Marie" (Pretra sy Frera montfortana)* izay lasa Freran' ny Masina Gabriely ny ampahany iray tamin'ny 1835 tany St-Laurent-sur-Sèvre tao Vendée. Ary tsikelikely, lahika mpanohana maro dia voasinton'ny fiainam-panahin'I Montfort, izay nantsoin'izy Montfort ihany koa hoe "lahika mpiara-dia".

Vondrona sy fironana maro no miaina ny fiainam-panahiny. Isan'ireo vondrona na fikambanana ireo, toa ny Tranon'ny Fitiavana(any Frantsa), Ny "Légion de Marie"(any Irlande), ny Làlana neokatekomenaly sy ny Asan'ny Schönstatt(any Alemana).

Raha mahakasika ireo Focalari, milaza ny Filoha mpanorina Chiara Lubich fa: "I Grignon avy any Montfort dia nampahafantatra ahy ny toerana ivon'ny Lakroa" ary nilaza izany tao amin'ireo fanehoany hevitra momban'ny eritreritr'ireo Olomasina mahakasika an'I Maria. "Rehefa nahita an'I Maria tao anaty fanahy iray ny Fanahy Masina (...), dia nisidina tao, ary niditra feno tanteraka tao (...)" (VD36.jereo takila.208, in "Pensée et spiritualité", Chiara Lubich Nle Cité, 2003).

Ny fihetsehana miala eo amin'ny « Fitiavana ny Fahendrena

Mandrakizay » mankany amin'ny « Tena Fitiavana sy Fanajana » :

Ao amin'ny boky ny « Fanokanan-tena amin'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny tanan'i Maria », nivoaka tamin'ny 1999, nanoratako fa ny « asasoratra « Fitiavana ny Fahendrena mandrakizay » dia boky fototra, noho izy manoro « hevitra tena marina sy tena mazava momban'ny fitiavana sy fanajana an'i Maria ».

I Mompera François-Marie Léthel, o.c.d, kosa etsy ankilany, maneho ny làlan'ny asasoratr'I Montfort izay mankany amin'ny boky « *Tena Fitiavana sy Fanajana* ».Izao no soratany :






Ireo lahika mpiara-dia maneran-tany.

« Ivon'ny asa soratr'i Md Louis-Marie avy any Montfort, ny boky *Tena Fitiavana sy Fanajana* dia fanambarana farany ny asatorany tany aloha, indrindra ny bokiny voalohany : *Ny Fitiavana ny Fahendrena Mandrakizay*. (...) Ny farany indrindra dia ny *Fanokan-tena amin'I Jesoa amin'ny alalan'I Maria* ».

« Io zava-misy marina niainana sy nampianarina ary nohalalinin'ny mpanoratra azy io dia natambatra tena tamin'ny fomba vaovao ao anatin'ny asatorany. Tamin'ny alalany sy miaraka amin'I Maria ary indrindra ao amin'i Maria ; izany no tena *misterin'i Jesoa Kristy sy ny Eglizy* izay banjinina ao anatin'ny tontolo fototrany, Trinite Masina ; ao anatin'ny dingam-pahariana lehibe sy ny tantaram-pamonjena.

« *I Jesoa velona sy manjaka ao amin'i Maria* »; ilay teny tonga nofo, lohan'ny vatana mifono fahamasinana, ilay mpamonjy ny olombelona ivon'izao tontolo izao sy ny tantara » ... (jereo ny teny voalohany ao amin'ny taratasy *Redemptor Hominis*, an'i Joany Paoly faha-2 tamin'ny 1979) ... Tao amin'ny fahakelezany amin'ny maha zava-boary tsotra azy, tao amin'ny fanahiny sy ny vatany, i Maria dia nandray sy nitondra marina « *Ilay tsy azon'ny lanitra entina* ». (ao amin' *I Mompera avy any Montfort, hadalana sy Fahendrena*. P.79 Médiaspaul, 2017).

Niasa ho an' I Joany Paoly faha-2 i Mompera Léthel tamin'ny fahavelomany sy nikarakara ny antotan-taratasy fanandratana Olontsambatra azy. Tamin'ny fiteny feno sarisary no nanamarihana hoe: ireo Olomasina roa izay nanoloran' I Joany Paoly faha-2 tånana isan'andro dia I Montfort no voalohany indrindra, ary manaraka I Mb Thérèse an'I Jesoa zazakely; izay izy irery ihany no nambara ho mpampianatrin'ny Eglizy nandritrin'ny naha Papa azy. Ny boky "*Tena fitiavana sy Fanajana an'I Maria*", nosoratana tamin'ny 1712, dia nadika tamin'ny fiteny telopolo isa teo ho eo. Hita io boky io tamin'ny 1872. Araka ny nilazan'I Montfort azy dia, hitoetra voalevona "ao amin'ny haizina sy fahanginan'ny vata" ny sora-tanany. (VD 114). Mazàna ataon'ireo Olomasina fihomezana ny dokam-barotra sy ny vinavina! Boky nivoaka afaka 130 taona taorian'ny nanoratana azy. Tsy mampino izany nefa tena marina! Indray andro niresaka tamin' I André Frossard momban'ny boky "*Tena Fitiavana sy Fanajana an'I Maria*" I Joany Paoly faha-2. **Ity ilay fijoroana vavolombelona miavaka kely, izay miainga amin'ny andram-piainana manokan'io papa io:**



"Nanamarika kihon-dàlana tsy azo ihodivirana teo amin'ny fiainako ny famakiko an'io boky io. Kihon-dàlana ho aho, na dia làlan-davitra ao anaty aza izany, izay nifanindry tamin'ny fiomanako miafina tamin'ny maha mpisorona. Kanjo nirotsaka teto an-tanako ity asasoratra tsy manam-paharoa ity, izay iray amin'ireo boky izay tsy ampy raha voavaky fotsiny. Tsaroako ny nitondrako azy maharitra tety amiko, eny fa na dia tany amin'ny toby mpamokatra "soude" azy, na dia nahazo loto avy amin'ny sokay aza ity fonony tsara tarehy. Niverina tsy sasatra sy mihodikodina amina an-dalana vitsivitsy aho. Nahatsapa malaky aho fa hay zava-dehibe lalina izy ity. Nefa tany aloha nihemotremotra aho sao dia mba manakona an'I Kristy ny fitiavana sy fanajana an'I Maria ka tsy hanome lalana Azy; azoko tsara, teo ambany fanilon'ny asasotr'I Grignon avy any Montfort fa hay tena mankany any aminy marina. Ny fifandraisantsika anaty amin' ilay Renin' Andriamanitra dia miteraka ara-nofo ny fifandraisantsika lalina amin'ny misterin'i Kristy. Noho izany izy ity dia tsy resaka hoe manakana antsika tsy hahita ny iray ilay hafa. Mifanohitra amin'izay aza: ny "*Tena Fitiavana sy fanajana*" an'ilay Virijiny Masina dia miseho hatrany hatrany mihintsy amin'izay mandroso ao amin'ny misterin'I Kristy, Teny tonga nofo, sy ao amin'ny misterin'ny fanavotana ao amin'ny Trinite, izay manana io mystery io ho ivo... Ny fahalalana marina sy fanoloran-tena mahatoky eo an-tanan'I Maria dia mitombo miaraka amin'ny fahalalantsika an'I Kristy sy ny fitoloran-tena matokintsika amin'Izy tenany. Arakaraka ny nifoteran'ny fiainako anaty amin'ny tena fisian'ny famonjena marina no nisehoan'ny fanoloran-tena amin'I Maria, tao amin'ny fanahin'I Md Louis Grignon avy any Montfort ho toy ny fomba tsara indrindra handraisana anjara amim-bokatra sy amim-pahombiazana amin'io zava-misy marina io, mba hanovozana ao sy hizarana izany miaraka ireo harena hafa tsy hay lazaina". (Aza matahotra tak.184-186).

Ny maha izy azy an'I Montfort dia lehilahy ara-panahy mifototra amin'ny fiainam-panahin'ny Fahendrena. Tiako ny haneho hoe manao ahoana no namantarako tsara ny maha izy azy azy. Satria tsy manoratra sahala amin'ny hoe hanangana hevitra aho, dia hamoraiko araka izay tratra, satria ny hetahetako dia ny hampiseho ny voka-pikarohako mian-dalana momban'ny toe-panahin' I Montfort. Ny teny manambatra ny harenan'ny toe-panahiny tontolo dia ny FAHENDRENA. Ilay Fahendrena tsy raisina ho fijoroan-kevitra fa toy ny tenim-paharian'ny fiainana, izay Fahazavana sy Fanomezana avy any Ambony mba hiverina any.

Nitady izay tokony ho irakany manokana I Montfort. Feno 30 taona dia nandeha tongotra tany Roma izy tamin'ny Jiona 1706 mba hihaona amin'ny Papa, izy izay nanamafy ny iraka ataony any Frantsa, ka antsoiny hoe “misionera apostolika”.

Rehefa voaantso amin'ny fisoronana I Montfort dia tsy nitazona ho azy ireny ireo zavatra hitany manokana tamin'ny lalana nandalovany. Nampita ny soatoavina fonosin'ny finoana izy tamin'ny alalan'ny fanavaozany tamim-pahamasinana ny hafanam-po, ary tamim-pomba malaza izany. Nahay nandaha-teny izy tamin'ny fitoriana nataony sady manintona olona maro. Nanana toe-panahy misionera nifandraika tamin'ny vanim-potoanany I Mompera Montfort. Mandritra ny irakany dia mampatsiahy ny maha zava-dehiben'ny finoana izy. Manatanteraka filaharana masina izay itondrana Eokaristia sy Baiboly izy. Mampanavao ireo toky nomena tamin'ny Batemy izy. Nanoratra tononkira maro isan-karazany izy ka ampahiràny. Mampanatsatoka lakroa izy amin'ny fiakaran'ny iraka, manangana sary vongana sy fiangonana. Miresaka ny fampianarana ny fitiavana sy fanjana an'I Jesoa amin'ny alalan'I Maria izy. Manana tsirin-kevitra mazava izy.

Ny teny filamatrany “**ANDRIAMANITRA IRERY**” mampifototra ny fiainam-panahiny ao amin'Andriamanitra. Manabe miaraka amin'ny Fahendrena; ataony izany ao amin'ny bokiny “Ny Fitiavana ny Fahendrena mandrakizay” sy amin'ny alalan'ny fijoroan'ny fiainany ho vavolombelona. Ary noho izay nandray io Fahendrena io dia mandinika maromaro amin'ireo sori-dalany lalandava aho; raha tsy hitanisa afatsy iray aho hoe: “*Ny Fahendrena dia natao ho an'ny olona ary ny olona dia natao ho an'ny Fahendrena*”. (ASE 64).

Ny Fahendrena mitoetra ao amin'I Jesoa, ao amin'ny fahatongavana ho nofo, eo amin'ny fiainany, ao amin'ny fanambarana ny Teniny, ao amin'ny Lakroa ho voninahitr'Andriamanitra no soatoavina fototrin' ny toe-panahin'I Montfort. Nofehezina ho efatra ny fomba natolony hahazahoana ny Fahendren'Andriamanitra. Ny fitiavana sy fanajana an'I Maria no fomba faha-4 natorony. Ireo telo voalohany kosa dia: faniriana mivaivay, ny vavaka ary ny famolahan-tena. Ary indrindra, nanaiky izy fa ny toro-lalany dia avy amin'ny fitiavany sy ny hafanam-pony tia hampahalala ny Fahendrena mandrakizay.

Dia lavitra ny fiainana. Ao amin'io dia io dia asaina ny mpino hanaiky hotarihan'Andriamanitra. Manome lanja ny fitiavana sy fanajana an'I Maria izy ka manazava ny anjara asa maha reny azy ao anaty fitsipikin'ny “*ataovy avokoa izay teneniny anareo*”. Miasa ho an'Andriamanitra no ilaina; ary raha fintinina ny sori-dalana naroson'I Montfort dia manome hoe: *miasa amin'ny alalany, miaraka aminy, ao aminy ary ho an'I Maria, mba hiasana amim-pahalavorariana amin'ny alalany, miaraka aminy, ao aminy ary ho an'I Jesoa.* (jereo.VD 257).

Mahita modely ao aminy isika, satria ao anatin'ny diam-piainana dia ohatrin'ny finoana izy. Nandritrin'ny fiainany teto antany I Maria dia “*nanatanteraka tao anatin'ny finoana ny fivahinianany*”. Niziriziry tamin'io toetra io ny konsily vatikana faha-2. “*mamirapiratra sahala amin'ny famantaram-panantenana sy fanalana alahelo ho an'ny Vahoakan'Andriamanitra an-dalana*”. (LG 58 sy 68).

2. Famaritana sy fampisehoana indray ny toe-panahy montfotana.

Edisiona marsa 2020 ■





Entretien:

**« JE FAIS LES CHOSES SIMPLES
MAIS AVEC UN GRAND AMOUR
DANS MON CŒUR »**

**ENTRETIEN AVEC
LE FRÈRE DESIRÉ, SMM**




Le frère Désiré (52 ans) est le plus ancien membre (au niveau de présence) de la communauté de la maison générale, à Rome! Il a connu ici trois généraux différents : le P. Bill, le P. Santino et maintenant le P. Luizinho. Pour le moment, il est toujours là. Sa vie est comme la manifestation de la disponibilité, de la joie, de la générosité et de la rapidité. Le connaître, c'est connaître l'expression dynamique d'un frère missionnaire voué à la mission, comprise avant tout comme témoigner de la Bonne Nouvelle!

En lisant l'entretien avec lui, il serait bon de penser sur ce que « **Montfortain Aujourd'hui** » dit à propos des frères missionnaires : " L'apport des Frères dans l'œuvre missionnaire est irremplaçable. Par leur témoignage de vie évangélique, par leurs travaux professionnels et leur participation à des tâches plus directement pastorales, ils contribuent de façon très efficace à l'édification matérielle et spirituelle des Églises locales. Les missionnaires doivent avoir le souci de susciter et de soutenir les vocations religieuses et sacerdotales " (Const. 66, Statuts 1, 2).

Azonoa atao ve ny milaza amiko ny fianakavianao, milaza ny anaranao feno, ny toerana sy ny daty nahaterahanao, oviana no nanaovanao voady voalohany sy voady mandrakizay ... ?

Misaotra anao mon Pere, Izaho no frera Désiré, ny anarako feno dia: Rakotonandrasana Jaen Désiré, izaho Malagasy teraka tany Madagasikara avy ao amin'ny faritra Betsileo Ambositra. Izaho no voalohany amin'ny 12 mianadahy, ary ny dadako izay maty sahadry tamin'ny taona 2016, dia nanome ny anarako, Rakotonandrasana, raha ny anaran'ny malagasy iray dia manana hevitra ara-tantara ka misy hevitra 2 ao anatin io, ny hoe Rakoto dia midika fa lehilahy izaho, Nandrasana kosa manaraka an' io satria ny Ray aman-dReniko dia niandry ny zanany voalohany ho lahy, ary noho izy ireo niandry efa ho 3 andro tamin'ny daty mialohan ny nahaterahako, dia nampiany hoe, Nandrasana. Ka araka ny fanirian'ny Ray aman-dReniko, dia nampian'izy ireo hoe Jean Désiré mba hahafeno ilay tantara satria lehilahy araka ny fanirian' izy ireo tokoa. Niditra tao amin'ny seminera dioseziana aho tamin'ny taona 1984, ary rehefa avy nanaraka ny fiofanana nandritra ny 3 taona dia niverina nody aho satria tsy tena nazava tamiko ny safidy nofidiko, tsapako fa tsy ho pretra no iantsoana ahy fa hanao ilay fanompoana amin'ny asa maha frera. Tamin'ny taona 1993, taorian'ny fiofanana tao amin' ny seminera iray dia niditra tao amin'ny fikambanana Montfortanina aho ary nanao ny voady voalohany tamin'ny taona 1998 niaraka tamin'ny rahalahy 4 hafa, kandida pretra 3 ary 2 izahay no frera. Avy hatrany dia niasa tao amin'ny trano fanabeazanana nanampy ny mon pere rehefa vita ny voady voalohany. Tamin'ny taona 2003 no nanao ny voady farany niaraka tamin'ny masera Fahendrena iray, ary frera ao amin' ny Saint Gabriel nandritra ny fety fankalazana ny faha-300 taonan'ny fikambanana.



« »

Quand mon père a fini ce joli discours, j'ai crié : VIVE LES FRÈRES!!

Hatramin ny oviana no niasanao teto? Nanao ahoana ianao tamin' ny nandray ny antso fa irahina ho missionera ary ianao no voalohany amin ny montfortanina Malagasy misionera aty ivelany ?

Tonga teto amin'ny tranobe iombonana aho tamin'ny 28 Febroary 2004. Taorian'ny voady farany tamin'ny 17 Aogositra 2003, dia nahazo ny antso avy amin'i lehibe p. Bill , izy no jeneraly tamin'izay fotoana izay. Nanana fotoana hamaliana ny fangatahany izaho sy hanomanana VISA ... ary tamin'ny faran'ny volana febroary dia tonga teto Roma. Tsy nisy olana tamin' ny fianakaviako ny fandozako azy ireo ary nanome tsodrano malalaka ry zareo ary nankahery ahy indrindra ny tenin' i Dadako nanao hoe: "Izaho hoy izy dia namaky ny tantaran'ny fikambananareo ary azoko fa nisy frera iray sakaiza voalohany nitokisan'ny mpanorina ny fikambanana, ary ankehitriny dia mbola frera ihany koa no Montfortanina Malagasy voalohany(Frere Jean RALAI SOLO) no anarany, satria pretra diocesan teo aloha i P. Ralahady. Faly aho hoy izy fa ny zanako lahy ihany koa ankehitriny no misiônera monfotanina voalohany, ary angamba hoy izy dia mbola ho frera ihany koa ny olo-masina voalohany manaraka ny mpanorina ny fikambanana. Raha vao tapitra ny tenin' i dadako dia nihoraka mafy izaho nanao hoe .HO ELA VELONA ANIE NY FRERA (vivent les frères).



Inona ary no tena asanao na ny mission ataonao ato amin' ny tranobe iombonana (maison Jenerale)?

Raha ny asako dia tsy voafaritra mazava tsara, fa kosa eto antoerana aho manao ny servisy izay tena tiako tokoa. Ao ny fikarakarana ny sakafo, miantseha ho an'ny lakoza, manatitra ary maka olona eny amin'ny seranam-piaramanidina, manampy ny olona na ny rahalahy sasany te hijery ny tananan' ny Roma... ny fikojakojana ny zaridaina ... Izany hoe, asa tsy dia mila fahaizana lalina fa ny fo feno fitiavana ihany dia ampy.

Inona no tena nanosika anao ary mbola mahatonga anao hanao izany asa izany hatramin izao?

Izay tena mankahery sy manome herimpo ahy hatramin'izao dia ny hatsaran'ny fiainam-piarahamonina ato antrano ary indrindra rehefa mahatsapa izaho fa mahafaly ny hafa ny fisiako amin' ny maha frera ahy, dia izany no tena mahafaly ahy.

Ianao no lehibe'ny pretra sy ny reliziozy malgaches eto Roma. Nahoana ny olona no nifidy anao? Haharitra hafiriana io asa io? Inona no asanao amin'ny maha filoha anao ? Manana ekipa miaramiasa aminao amin'ny fanentanana ny vondrona io ve ianao? Firy ny malgache eto Roma? Firy ny pretra, ny relijiozy vavy, ny diosezianina, ny lahika na olontsotra ... Inona no tena asa ataon' ny malagasy monina eto Roma ? Oviana no mihaona ianareo ? Inona avy ireo fanamby atrehanao amin'ny fanatanterahana io asa io?

Ny pretra sy relijiozy malagasy eto Roma no nifidy ahy ho filoha na president , somary sarotra ho ahy ny nandraisako an' io satria mampitombo indray ny asa manokana ho ahy, nandritra ny fotoana ela no efa naniry izany ny maro amin' izy ireo, fa nahita fomba foana izaho handosirako an izany fa tamin'ity indray mitoraka ity dia namitaka ahy izy ireo ka tsy afaka nanda izaho ary dia nanaiky ny safidin'izy ireo ampitiavana. Tsy azoko ny antony nisafidianan' izy ireo ahy, nefa nahatonga ahy handinika sy hijery ny tenako manokana amin' ny maha frera ahy izany... Ny fantatro fotsiny dia mila ahy izy ireo nandritra ny 2 taona, 4 mianadahy izahay no mpiara-miasa ao amin' ny birao, misy Pretra Oblat iray ny filoha lefitra , ary masera Ursuline iray mpitam-bola, ary frera Marista iray mpitan-tsoratra, miara-miasa izahay mba hahafahana mijery sy mamolavola tsara ny zavatra tokony hatao, indrindra mba handrindra sy hampiombona bebe kokoa ny pretra sy relijiozy miaraka amin' ny laika. Tsy mora izany satria miparitaka ny malagasy eto Roma noho ny asa samy manana ny azy. Ny pretra sy relijiozy dia miara-miasa amin'ny laika ary miezaka manome ohatra amin' ny fijoroana ho vavolombelona amin'ny finoana. Mandray anjara ihany koa izahay amin'ny fanentanana ny litorjia isaky ny alahady faharoa amin' ny volana.



Iza ireo frera fantatrao ka niasa tamin'ity tranobe iombonana ity ary inona no zavatra nianaranao tamin' izy ireo ? Misy nanana ny fomba manokana ho anao ve tamin izy ireo ?

Nandritra ny asa anirahana ahy eto dia nahafantatra Frera 6 izaho, Frera Herve Jezequel (France), Frera Philip Abranches(Canada) Frera Gilles (Canada), Frera Nikolaus (Niko)(Indonesien), Frera Rey (Philipine) ary Frera Albino(Italien). Samy manana ny hasina sy ny fahaizany izy ireo, ary samy nizara tamiko harem-panahy lehibe tokoa .Singaniko manokana i Frera HERVE izay nandany 27 taona tamin'ity trano ity, nampianatra ahy nandritra ny fotoana fohy niarahanay ny momba ny fitantana ny asa . Frera Albino izao no miaraka amiko eto ary tena mahafaly ahy satria mampianatra ahy tsara momba ny fahatsorana sy ny fifankatiavana izy.



Niresaka tamiko ianao indray mandeha hoe nanao dinidinika na valandresaka tamin'ny Radio. . Fa inona marina izany ary oviana? Impiry ianao no nanao izany valandreasaka izany ary Radio hafa ve sa Radio iray ihany?

Nandritra ny dian' ny Papa François tany Madagasikara, izahay malagasy Katolika ao amin' ny ankohonana Victoire Rasoamanarivo Roma sy ny manodidina dia nasain'ny TV 2000 sy RAI UNO radio Italiene, ary koa ny ao amin'ny VATICAN RADIO izay miara-miasa amin'i R D B (Don Bosco) any Madagasikara mba hanao valandreasaka momba ny famangian 'i Papa Francois. Nizara 3 izahay, ary izaho dia nandeha nankany amin'ny R D B amin'ny fiteny malagasy. Resadresaka momba ny fihetsem-po amin'ny maha-relijiozy misiônera ivelan'ny firenena no natao ary nilazana ny

fiombonana amin'ny vahoaka tany Madagasikara nandritra ny fitsidihan'ny Papa iny, ny sasany kosa naneho ny fomba hivelomanay sy ny fihetsika tao amin ny Tv 2000 sy RAI . Resadresaka 20mn io ary tena nahafaly tokoa.

Indray mandeha ianao nanao fihaonambe momba ny misiona ho' ny relijiozy sy Pretra Malgache eto Roma. Ahoana ny hevitrao momba ny misiona aty Eropa? Ho anao manokana inona ny tena asa maha misiônera anao ao amin'ny tranobe iombonana?

Eny tokoa, tamin'ny volana novambra 2018, dia nangataka ahy ny vondrona pretra sy relijiozy Malagasy eto Roma mba hanao valandresaka momba ny misiona sy hizara ny andram-piainako amin izy ireo amin 'ny maha misionera ahy. Fahombiazana lehibe ho ahy tamin ' izany ary tena nahafaly tokoa. Teo ampiandohana dia tsy te-hanaiky izaho satria hitako sady tsapako ny tsy fahaizako manao an' izany, nefa rehefa hitako fa mila ahy tokoa ry zareo dia nanaiky hanao izany aho.Hitako ny misiona aty Eropa fa mila fanovana ary mila valim-babena hoy ny fiteny ny Eropenaina.Taloha ny misiônera dia mila mitory sy manambara amin' izay sehatra itoriany na aiza na aiza, fa ankehitriny kosa dia ilaina ny **fijoroana ho vavolombelona** amin' izay fitiavana izay, ary io amiko no tena zava-dehibe.



Tamin'ny taona 2018, raha tsy diso aho dia nianatra teny espaniola tany Kolombia ianao, avy eo nankany Mexico, sns.... Azonao atao ve ny mampahafantatra anay, inona ny tanjona amin'izany? Ary aiza ho aiza ny tohin' izany ankehitriny?

Marina izany, tamin'ny volana Janoary ka hatramin'ny Mey 2018, nankany Kolombia aloha izaho 2 volana mba hianatra teny Espaniôla ho fiomanana amin' ny andram-piainana hanokafana ny misiona any MEXICO niaraka tamin'ny pretra 2 avy amin'ny LAC(Latino Americano et Caraiba), satria nisy fanamby dia hanorina misiona mitatra hatrany Mexico ny fikambanana ka izahay no nandeha sy nijery raha toa ka ho azo atao izany. Vita ny anjaranay, ary anjaran'ny C.G.E. ny fanapahana ny fomba anahizana an' io misiona io.

Misy satroka maromaro ao amin'ny efitranonao. Inona no antony ary ahoana? Avy aiza ny satroka? Iza amin'ireo no tianao indrindra ary nahoana?

Hi hi hi hi somary mampihomehy ahy ity fanontaniana ity, marina fa manana satroka betsaka ao amin'ny efitranoko kely aho, misy karazany 12 eo ho eo avy amin'ny firenena samihafa, ary ny ankamaroany dia satroka Indoneziana. Nanana satroka tsara tarehy avy any Indonezia nomen'i P. Don la Sale aho fa mbola tiako ny hanana izany ary ny pretra rahalahy rehefa mamangy any Indonesia dia manafatra foana an io izaho. Ho ahy dia tiako ny manana akanjo na zavatra manokana somary partikilie na sampotsampona toy ireny, somary sampotsampona toa ahy ihany e, sa tsy izany mon pere?





Afaka mandihy miaraka amin'ny tavoahangy iray amin'ny lohanao ianao ary tsy milatsaka ny tavoahangy, ahoana no fomba hanaovana an' izany?

Efa fomba nahazatra ahy hatramin' ny fony mbola kely izaho ny manampy ny mamako maka rano any andohasaha ka ataoko amin' ny loha ny mitondra ny entana na rano. Fahazarana io mandihy miloloha tavoahangy io, tena tiako ny mahita olona faly amin'ity dihy ity.



Inona no hevitrao momba ny hanatsarana ny antson' Andriamanitra ho frera ao amin'ny SMM?

Zava-dehibe tokoa amiko ny fisian ny frera amin' ny fikambanana, mampalahelo anefa fa mihena ny isan'ny frera ankehitriny, mampahonena ny mahita ireo frera hafa izay mbola miasa mafy na dia efa manjokozoko aza. Tasapako ny maha-zava-dehibe ny fisian' ny frera ao amin' ny fiarahamonina na fikambanana, tsy dia manana farim-pahalalana firy ny frera nefa mahay tsara rehefa manao zavatra . Antenaina fa ny hafa tsy toy izany akory... Hi hi hi I tiako be sady mahafinaritra ahy ity resadresaka ity.

Anisan'ny fanamby lehibe amin'ny fanomanana ny misionera ato amin'ny fikambanana ny Internasionalite. Izany hoe isika dia voavolavola ho misionera tsy mifidy tany hitrongisana, na tsy voateritery. Amin'ity fiarahamonina eto anefa ianao dia miaramonina amin'ny rahalahy maro samy avy amin'ny firenena samihafa mba hanohana ny misiona amin'ity trano be inombonana ity. Inona ny hevitrao momba ny sehatra fikatrohana amin'ny maha-misionera antsika?

Marina tokoa fa somary manana endrika manokana raha ny fahitako ny misiona ataoko eto , satria talohan'ny nahatongavako ho frera Montfortian dia nianatra katesizy aloha izaho, izay nanampy ahy manokana handinika ny fomba arapanahy sy hitory ny finoana, nanampy ahy betsaka izany mba hiaina ny fiarahamonina amin' ny samy hafa firenena. Mahafaly ahy ny mahita ireo rahalahy mahita hafaliana rehefa tonga mamangy na mandalo ao amin'ny tranobe iombonana . Tadiidiko foana ny tenin'ny dadako nilaza hoe. "Aza asaina ho tonga any aminao ny olona raha tsy vonona ianao hanome fahafaham-po azy ireo". Ary isaorako hatrany i P. Santino (Ex S. General) izay nanome ahy fahafahana hanaraka ny fiofanana manokana tany Canada nandritra ny herintaona, nanampy ahy hahalala bebe kokoa ny tenako sy ny hafa satria: fanamby lehibe tokoa ny miara-monina ao anatin' ny fahasamihafana na samy hafa firenena.

Ianao dia efa niofana tao amin'ny IFHIM (Istituto de Formation Humaine Intégrale de Montréal) efa ho taona maro lasa izay. Inona no nianaranao tao, izay mbola tadiidinao hatreto ka nahatonga anao hanana ny soatoavinao amin'ny fiainana, namolavola ny fomba fijerinao ny zava-misy, ny fomba fihetsikao, ny fomba tsapanao?

Tao amin' ny IFHIM tany Canada tokoa izaho nandritra ny 8 volana, izany hoe nanomboka ny 8 septambra 2012 ka hatramin'ny 8 Mey 2013. Tsy afaka nijanona hatramin'ny farany izaho, izany hoe tokony ny 31 Mey vao vita, noho ny visa miverina aty Italia. Fa amiko dia efa tena zava-dehibe tokoa na izany aza.

FANONTANIANA FARANY FRERA? ..Henoko fa ianao dia tena malala-tanana tokoa ao amin' ny tranobe iombonana? Ahoana moa ny momba an' izany ?

Eny tokoa mon pere , ho ahy aloha ny fahatsorana sy ny hoe malala-tanana dia tsy mainkina amin' ny fananana zavatra be dia be akory. Faly aho raha misy manao tsikera toy izany fa tsy azon' dry zareo akory anefa fa manao zavatra tsotra izaho, tsy de manome zavatra be fa tsotra nefa ataoko amin' ny fo lehibe ka manjary lehibe tokoa hoan' izay mandray an' izany. ... sa tsy izany mon pere.. ■



*Montfort, Firaisam-pinoana,
Fifanahalozana eo amin'ireo
samihafa finoana sy
antso eran-tany ho amin'ny
fahamasinana*

de Arnold SUHARDI, SMM



Manana ny lanjany manokana ho an'ny Fiangonana i Mompera De Montfort ankehitriny. Ny anton'izany dia satria ireo fampianarany dia mifanaraka tsara amin'izay eritreritry ny Konsily Vatikana II.

Misy hevitra fototra roa lehibe izay tsy afa-misaraka sy manentana ireo taratasy rehetra nataon'ny Konsily Vatikana II, dia ny toe-tsaina fiverenana amin'ny loharano niandohana sy ny toe-tsaina fisokafana amin'izao tontolo izao. Ilay toe-tsaina voalohany dia mikendry indrindra ny hahitana indray ireo fototry ny maha-izy azy ny fanambarana, ireo loharanom-pisiana sy ny antson'ny Fiangonana ; ary ny faharoa kosa dia mikendry ny fanekena indray ny antson'ny Fiangonana amin'ny firotsahana arahin-tanjona ho fanorenana an'izao tontolo izao sy ny famolavolana fifandraisana ao amin'ny toe-tsainam- « piralahiana eran-tany » (NA 5) miaraka amin'ny olombelona rehetra : izany hoe miaraka amin'ireo ankohonan-dreljiozy hafa finoana rehetra ary miaraka amin'ny Fiangonana rehetra.

Louis-Marie de Montfort dia niaina tao anatin'ny fotoana nielezan'ny rivo-panavaozana ny Fiangonana mba hiatrehana ireo mpanohitra (araka ny Konsily tao Trente, 1545-1563), tao amin'ny firenena iray izay niainana bebe kokoa ny finoana katolika tamin'izany fotoana izany, fa kosa mbola niaritra ny voka-mangidin'ny nisian'ny finoana silamo tao Eropa. Mbola nisokatra tokoa ireo « ratram-pinoana » tamin'ny nazahoan'ny Silamo ny Tany Masina tamin'ny taon-jato faha 17. Izany no antony tsy hahitana diam-penin'ny Mompera De Montfort hamoaka resaka lava momba ny firaisam-pinoana sy ny



fifampiresahana miaraka amin'ireo ankohonan-dreljiozy hafa (cf. Patrick Gaffney, « Ecumenism », in *Handbook ...*, pp 323-332).

Azon'i Montfort araka ny tokony ho izy anefa ny toe-tsaina fototra na ny antson'ny Fiangonana, izay tsy inona fa ny fiombonana sy ny ho FITIAVANA tahaka an'i Kristy. Ary ny fitoviana amin'i Kristy dia midika fahamasinana. Ny Fiangonana manontolo dia voaantso hiaina ny maha-masina azy satria ao no itoeran'ilay « Masina ». Ny Konsily Vatikana II kosa, noho ny lalàmpanorenan' ny foto-pinoana, *Lumen Gentium*, dia nanao izany antso ho amin'ny fahamasinana izany ho an'ny Fiangonana manontolo ; antso izay hiainana amin'ny fomba maro samihafa araka ireo « fanomezana sy adidin'ny tsirairay » (chapitre V). Miainga amin'ny fototr'ireo faniriana lehibe ho amin'izany fiainana kristianina izany no nanombohan'ny Mompera De Montfort ilay asorany, *Le Secret de Marie (Ny tsiambaratelon'i Maria)*, toa nosoratany ho an'ny tovovavy lahika iray nanjary mpiara-miasa aminy tao Nantes, miaraka amin'ny fanekena izay nanjary fanahin'ny fitorian-teniny manontolo , « *Ry fanahy, ry endrik'Andriamanitra velona sy navotana tamin'ny rà sarobidin'i Jesoa Kristy, ny sitrapon'Andriamanitra aminareo dia ny mba hahatonga anareo ho masina tahaka azy amin'izao fiainana izao, ary ho enim-boninahitra tahaka azy any an-koatra. Ny fahatratrarana ny fahamasinan'Andriamanitra no fiantsoana azo antoka ho anareo... O ! Endrey izany asa mahatehotia !* » (SM 3). Ny fahamasinana na ny fitoviana amin'i Kristy no tanjona tokan'ny « fanokanan-tena amin'i Kristy amin'ny alàlan'ny tanaan'i Maria »,



araka ny nampianarin'i masindahy Montfort. « I Jesoa Kristy Mpamonjy antsika, Andriamanitra marina sy tena olombelona, no tokony ho tanjona iafaràn'ny fitiavam-bavaka ataontsika. Raha tsy izany dia ho sandoka sy fitaka avokoa izy ireny... Voafaritra amin'ny fitoviana sy fiombonan'aina ary fanokanan-tena amin'i Jesoa Kristy ny fahalavorariantsika ; koa tsy hisalasalana fa mandavorary ao amintsika ireo toetra ireo ny fitiavam-bavaka rehetra » (VD 61, 120).

Ny fanaovana ny « fanokanan-tena amin'i Kristy amin'ny alàlan'ny tànan'i Maria » ho fomba hanatanterahana sy hitazomana izany fahamasinana izany dia atolotr'i Montfort ho an'ny rehetra, ao anatin'izany ny lahika (VD 110) izay tena eo an-dohan'ny fitarihana ireo tolona ara-tsosialy, ara-politika... araka ny *Lumen Gentium* (cf. LG 31, 36). Louis-Marie dia maniry ny hamolavola kristianina mirotsaka antsehatra ao amin'izao tontolo izao izay manovo ny loharanony sy ny heriny rehetra avy amin'ny faharetany amin'ny finoana kristianina sy amin'ny Fiangonana.

Araka ireo tanjona hotratrarina ireo dia azo ambara marina fa nandray anjara ankolaka tamin'ny fijoroan'ny firaisam-pinoana sy fifanakalozana kristianina miaraka amin'ireo Fiangonana sy ireo hafa finoana i Louis-Marie. Satria, « ny fanahin'ny hetsika mampiray finoana » (UR 8) dia ny fahamasinam-piainana na ny fanavaozana ny Fiangonana, ny faniriana ho kristianina bebe kokoa, ny fibebahan'ny fo ary ny firaisana ao amin'ny vavaka (UR 6-8). Ary raha ny fifampiresahana miaraka amin'ireo hafa finoana, ny « fanokanan-tena amin'i Kristy amin'ny alàlan'ny tànan'i Maria » nampianarin'i Mompera De Montfort dia manampy antsika hitombo fahamatorana amin'ny maha kristianina, mba ho afaka « hitory ny finoana sy ny fiainana kristianina ananantsika » ao amin'ny fifanakalozana sy fiarahamiasa « am-pahendrena sy am-pitiavana » miaraka amin'ireo mpino hafa finoana (cf. NA2).

Ny « fiadanana eran-tany », mifototra indrindra amin'ny fitiavana marina, dia tokony ho tanjona hotratrarina ao amin'ny asa fitoriana misionera mba hitoeran'ny « fanjakan'i Jesoa Kristy amin'ny alàlan'i Maria ao amin'ny Fanahy Masina ». Moa tsy ampitahain'i Montfort amin'ny afo miredareda va ireo izay miaina izany fitiavana amam-panajana izany toy ireo « *mpandraharahan'ny Tompo izay handrehitra ny afom-pitiavany masina hatraiza hatraiza* » ? (VD 56).

Manaraka izany, ny fotoana iainan'ny Fiangonana, vanim-potoana miavaka noho ny asan'ny Fanahy Masina, dia toy ny fotoanan'ny fahatongavana ho nofo ny « fanjakan'ny fitiavana » eran-tany no nahitàn'ny Mompera De Montfort azy, ary anisan'ny nahatanteraka izany ny fandraisana anjara amin'ny misiona an'ireo « apostôlin'ny andro farany », ireo « olomasina lehibe » izay aterakin'ny Fanahy Masina ao amin'ny Fiangonana ho an'ny fanjakan'ny maha olona. Mangataka amin'ny Fanahy Masina i Montfort manao hoe : « *Mba rahoviana ary no ho avy ilay tondrak'afon'ny fitiavana madio izay tokony hovelominareo eo amin'ny tany tontolo amin'ny fomba malefaka sy mivaivay... : ity afo masina izay nentin'i Jesoa Kristy ety an-tany ity anie ho velona alohan'ny iveloman'ny afon'ny hatezeranareo izay hahatonga ho lavenona ny tany rehetra. Irahinao ny fofon'ainao, dia hary ireny ; ary havaozinao ny endriky ny tany [Emitte Spiritum tuum e creabuntur e renovabis faciem terrae](Sal 104 [103], 30) ; iraho izany Fanahy feno afo izany ety an-tany mba hanangana pretra [vakina : nomena anarana hoe misionera] mirehidrehitra, ka amin'ny alàlan'ny ministeran'izy ireo dia hihavao indray ny endriky ny tany ary ny Fiangonanao hisokatra kokoa amin'ireo fampianaran'ny finoana hafa* ». (PE 17).

(Ampahany notsongaina tamin'ny lahatsoratra nosoratan'i Arnold Suhardi, *St. Montfort*, théologien de classe, tao amin'ny « Sedes Sapientiae » n°1, Séminaire de Montfort – « Demeure de la Sagesse », janoary 2005). ■



Fifampizarana fiadanana nataon'i Cheikh Ahmad

**Avy amin'i Patrisius Epin Du,
*Tanora Skolastika Montfortana***



MALANG, Indonésie – Ny Alahady 01 Desambra 2019, ireo tanora Montfortana an-dalam-piofanana ho Pretra "Pondok Kebijakan" (Fonenan'ny Fahendrena) ao Malang dia nandray ny fitsidihana nataon'i Cheikh Dr. Ahmad AT Toukhi, Mpampianatra manam-pahaizana Arabo sy ny resaka Siansa Koranika, izy no antsoina hoe Cheikh Ahmad ('cheikh' amin'ny Arabo dia midika hoe « olobe », Lehiben'ny foko na manam-pahaizana Silamo). Nohotronin'ireo mpampianatra maro avy ao amin'ny Kilasimandrin'ny Silamo izy AL-UMM (Fototra najoron'i Bina Al-Mujtama, Malang), izay mpifanolo-bodirindrina aminay Skolastikà. Ity fitsidihan'izy ireo ity dia tena tsy nampoizin'i Mompera Gregorius Pasi, SMM ary izay no nahatonga azy ho sahiran-tsaina. Tena sambany sady voalohany no nisy olona avy ao amin'ny Kilasimandry Silamo no tonga nitsidika anay. Teo aloha, Mompera Wim sy Frera maro no mandeha mitsidika an'ireo AL-UMM mpifanolo-bodirindrina aminay ireo ary misy fotoana ireo mpianatra ao amin'ny AL-UMM no tonga miaramilalao baolina kitra miaraka amin'ireo tanora Mpiofana ho Pretra ato aminay. Fa tamin'ity indray tolakandro ity dia ireo Mpampianatra mihitsy no tonga nihaona taminay. Noresahan'i Mompera Goris anay io nandritra ny sakafo hariva dia tena gaga izahay rehetra. Nohantitrateriny fa ny Alatsinainy ho avy izao dia ho tonga hitsidika anay I Cheikh Ahmad.



Trano Fiofanan'ireo Tanora Montfortana miomana ho Pretra – Fonenan'ny Fahendrena, Malang, Indonezia. **Ny ao an-tokontany**

Ny ampitso, Alatsinainy 02 Desambra 2019, tamin'ny 6ora sy fahefany hariva, dia tonga tao amin'ny toeram-piofanana ho Pretra Montfortana izy ireo. Cheikh Ahmad dia nohotronin'Andriamato Abu Soli, sy Andriamatoa. Fahrad ary Andriamatoa. Ahmad avy amin'ny Sekoly Silamo AL-UMM. Nandray azy ireo teny am-pidirana ireo Pretra Montfortana. Cheikh Ahmad sy ireo mpiara-dia taminy dia tena sariaka ary Cheikh Ahmad dia natetika nanoroka an'I Mompera Goris hatrany.

Tao amin'ny efitrano fialamboly laharana voalohany, ireo Tanora mpiofana no niandry ny fandraisana an'ireo vahiny, rehefa tonga izy ireo, ireo rehetra tao amin'ity ankohonam-piainana ity dia niarahaba azy ireo tamin'ny tehaka sy nandray tana azy ireo. Nanambara I Cheikh Ahmad fa tena nihoatra ny zavatra nadrasan'izy ireo ity fandraisana ity ary naneho ny fankasitrahany tamin'izany izy.

Nosokafana tamin'ny fotoam-bavaka izay notarihan'I Mompera Goris moa ity fotoana ity.



Trano Fiofanan'ireo Tanora Montfortana miomana ho Pretra – Fonenan'ny Fahendrena, Malang, Indonezia. **Ireo Tanora Skolastika miaraka amin'ireo Mpanabe**

Mamafy voan'ny fiadanana

Amin'ny tontolo ankehitriny, maro ny olona no noana fahefana nefa ny hafatra mahakasika ny fiadanana sy ny soa iombonana ariana lavitra. Mikendry ny hahazo fahefana betsaka amin'ny fomba maro samihafa ny olona. Mazava ho azy fa olona maro no mampiasa ny fivavahana ho fitaovana hitazomana io fahefana io. Tsy mahagaga raha mipoitra ny foto-piheverana maro sy ny foto-pinoana mifototra amin'ny fivavahana ary mitarika herisetra amin'ny fanamavoana ireo rahalahiny. Tena hita izany eto Indonezia. Toy izany koa, tsy mahazatra ny tsy silamo Indonezianina ny maneho hevitra tsy miangatra momba ny finoana Silamo Indonezianina. Fa tamin'ity takariva ity, rehefa nihaona tamin'i Cheikh Ahmad izahay, nahita fijery hafa momba ny finoana Silamo izahay. Ny fomba fisainan'i Cheikh Ahmad dia tena malefaka sy mamelombelona, izay nahatonga anay nahatsiaro tena ho sambatra nanana io fotoana manokana io.



Ny Trano misy ny kilasimandrin'ny Silamo AL-UMM (Fototra najoron'i Bina Al-Mujtama, Malang), mpiray vadirindrina amin'ny Skolastikà Montfortana, **ny ao an-tokontanin'izy ireo.**

Ny adi-hevitra dia nanomboka tamin'ny fanambarana lehibe nataon'i Cheikh Ahmad. Nambarany fa samy manana ny zavatra inoany ny olombelona. Ny finoana Silamo koa dia mahatsapa izany zava-misy izany ary manaiky ny tsy fitovian'ny finoana, araka ny tenin'i Cheikh Ahmad: "ity ny finoanareo, ity ny finoanay". Ary araka ny finoana Silamo ihany koa, ny olombelona tsirairay dia manana zo hiaro sy hihazona ny finoany avy, raha tsy hoe misy ny fihetsika izay manitsakitsaka ny zon'olombelona hafa.

Nanazava i Cheikh Ahmad: "Ny finoana Silamo dia manentana antsika hanaja ny tsirairay avy. Toraka izany koa, ny fahatongavanay eto dia te hitory ny fampianaran'ny finoana Silamo mba hizara hatsaram-panahy amin'ny hafa. Ankehitriny izahay dia miaina fomba toa anareo ihany koa, ianareo izay tena nandray anay tsara. Ohatra iray izay niseho tamin'ity hariva ity fa misy ny fifanajana sy ny fiaraha-miasa. Izay zavatra tena lehibe sy sarobidy ary manan-danja tokony hiainan'ny olona rehetra".

Nasongadiny ny maha-zava-dehibe ny fifanajana eo amin'ny fiainan'ny olombelona. Ity fihaonana takariva ity dia ohatra mavitrika anankiray. Nampiany fa: "mamelà ahy hoy izy hizara aminareo ity tranga manaraka ity: ny Silamo iray na ny olombelona rehetra dia afaka mivavaka sy mifady hanina mandritra ny andro, fa ny zava-dehibe indrindra eo imason'Andriamanitra, "*Subhanahu Wa Taala*" (Ilay Masina sy Avo indrindra), dia ny mizara hatsaram-panahy amin'ny hafa, amin'ny fihetsika feno fitiavana. Akory ny hafaliana rehefa misy olona mizara hatsaram-panahy amin'ireo izay manantena an'io hatsaram-panahy io. Io no zavatra tsara tarehy indrindra amin'ny fiainan'olombelona ankehitriny".



Ny fitsidian'ireo mpitantana ny Kilasimandry Silamo AL-UMM tao amin'ny Skolastikà Montfortana

Manaraka izay, nanao fanoharana momba ny voa iray i Cheikh Ahmad. “Misy olona iray nitondra voa anankiray, namboleny io, notondrahany, avy eo dia namoa be ary nankasitrahany ny olombelona rehetra. Amin’ity hariva ity, dia mitondra ity voa ity izahay izay masombolin’ny fiadanana. Eto amin’ity tany ity isika mba hanondraka azy, avy eo izy maniry ary mamoa be. Ho tonga ny olona rehetra avy eo hanontany hoe inona izany, ary afaka milaza isika fa hameno ny tany izy io. Hametraka fanontaniana izy ireo ary holazaintsika aminy fa: io ilay Fiadanana omen’Andriamanitra. Samy manana adidy hamboly azy io isika. Ity no hafatra lehibe tokony halefantsika amin’izao tontolo izao. Mamelà ahy ianareo noho izany hampahafantatra anareo ny finoana Silamo. Mahafantatra betsaka mikasika ny finoana Kristianina izahay, antsoina ihany koa isika ho tia ny Mpaminany Isa (Jesoa)”.



Ny fitsidihan’ireo mpitantana ny Kilasimandry Silamo AL-UMM tao amin’ny Skolastikà Montfortana

Hafatra momba ny Fiadanana sy ny hatsaram-panahy no tena votoatin’ny fitsidihana nataon’i Cheikh Ahmad tamin’ity hariva iny tato amin’ny ankohonam-piainana Skolastikà Montfortana. Ity hafatra mikasika ny fiadanana ity dia tokony haporitaka amin’ny Fianganana rehetra, nanambara ihany koa izy fa faly satria nanana fahafahana nihaona tamin’ireto tanora an-dalam-piofanana ho Pretra ireto. Tena voninahitra ho azy tokoa io. Nampiany hoe: “Tena marina, mila mifankahita isika. Manana tanjona mitovy isika eto amin’ity izao tontolo izao izay hananganana Fiadanana ity. Ny finoana Silamo dia mampianantra antsika hanome lanja ny hafa”. Ary, naverimberiny imbetsaka ny momban’ny Fiadanana. Na dia miteny Arabo aza izy, dia tsapanay ny hafanan’ny hafatra nataony izay nadikan’Andriamatoa Abu Soli. Notoriany tamin’ny feo avo sy tamin-kafaliana ny hafatrin’ ny fiadanana.



Ny fitsidihan'ireo mpitantana ny Kilasimandry Silamo AL-UMM tao amin'ny Skolastikà Montfortana

Ny finoana Silamo dia tsy mamela amin'ny ankapobeny handratra ny hafa. Ny finoana Silamo dia mampianatra hizara ny Fiadanana amin'ny hafa. Tahaka izany koa, ny olombelona tsirairay dia antsoina hizara Fiadanana amin'ny hafa, tsy handratra na hanelingelina ny hafa. Ny fifanajana ara-pihavanana no zavatra sarobidy indrindra tokony hataon'ny olombelona. Cheikh Ahmad dia mbola nanambara ihany koa fa ny olona sasany manakaiky an'i Mahomet dia Mpianatr'i Jesoa Kritsy. Aisha, vadin'ny Mpaminany Mahomet dia tsy voaresaka mihitsy ao amin'ny boky Koran, fa ny anaran'i Maria, Renin'i Jesoa, dia imbetsaka no hita matetika. Midika izany fa ny finoana Silamo dia manome voninahitra an'i Jesoa sy Maria.

Dia nohazavainy avy eo ny niavian'ny finoana Silamo. Tany am-piandohana, ny finoana Silamo dia nipoitra tamina fiarahamonina feno lainga sy fitaka ary hosoka. Nisy olona iray antsoina hoe: Mohammed tao an-tanànan'i La Mecque, izay any Arabie Saoudite ankehitriny. Mohammed dia lehilahy hafa tamin'ny olona niara-niaina taminy tamin'izany fotoana izany. Olona nahatoky sy mendri-pitokisana izy, nanampy ny hafa, nampiely ny hatsaram-panahy, nitory teny feno hatsaram-panahy sy fiadanana. Noho izany dia Andriamanitra no nifidy azy ho Mpaminany sy Apôstôly toa an'i Abrahama, Moizy, Izaia ary ireo Mpaminany maro hafa. Andriamanitra no nifidy azy hitory ny fiadanana, hitondra fanitsiana amin'ny zavatra tsara amin'ny olona rehetra eto amin'izao tontolo izao. Mahomet koa nitory an'ity hafatra ity tamin'izao tontolo izao. Tamin'izay ny olona nanatona azy sy nanontany hoe: "Iza ianao? Inona no tadiavin'ao? Namaly Mahomet: indro nirahina aho hitory ny fitondran-tena tonga lafatra eto an-tany".

Rehefa misaintsaina izany tantara izany dia misy fanontaniana lehibe mipoitra. Maninona i Mahomet no nantsoina sy nofidian'Andriamanitra? Inona no asan'i Mahomet teo afovoan'ny ratsy toy izany?

Tonga I Mahomet ary voafidin'Andriamanitra mba handao ny ratsy, ny lainga, ny kolikoly sy ny zavatra rehetra izay tsy tiany, mba hisorohana ny fisian'ireo vono olona sy ny fahoriana, ny fandavany ny habibiana amin'ny biby, ary ho fanampin'izay koa ny amin'ny olombelona. Ny fahatongavan'ny Mpaminany Mahomet dia nampielany ny hatsaram-panahy manerana an'izao tontolo izao sy ny fiadanana amin'ny vazan-tany rehetra.

Mikasika ny Kristianina, Cheikh Ahmad dia nilaza fa ny finoana Silamo dia tia an'I Jesoa sy Maria ankoatra an'I Mahomet. Ny finoana Silamo dia manaja be an'I Jesoa sy Maria. Nofaritany tamin'ny tantara iray ny momba ny fihaonana teo amin'ny Silamo sy ny Kristianina. Tahaka ny nitiavan'I Mahomet an'I Jesoa Mpaminany sy nankasitrahany an'I Maria, ny Silamo dia tia an'I Jesoa sy Maria. Ny Silamo anankiray dia tsy mahazo miteny ratsy an'I Jesoa sy Maria. Ny hafatrin'ny Mpaminany Mahomet sy Jesoa Kristy dia mitovy, mifandraika indrindra amin'ny hatsaram-panahy sy ny fiadanana. Ny zavatra rehetra hilazana ny fiadanana sy ny hatsaram-panahy dia avy amin'Andriamanitra avokoa, raha voalaza fa ny fankahalana sy ny haratsiana dia avy amin'ny satana. Satana irery ihany no afaka milaza fa Silamo na Kristianina izany, kanefa Mahomet sy Jesoa dia tsy nilaza zavatra toy izany.

Farany, Cheikh Ahmad koa dia nanolotra tantara mahalana momba ny fifandraisan'ny Kristianina sy ny Silamo ao amin'ny firenena niaviany. Avy eo izy dia nitanisa andininy maromaro avy ao amin'ny boky Koran izay miresaka ny fiadanana. Tamin'iny takariva iny, Cheikh Ahmad dia namafy voan'ny fiadanana tamin'ireo rehetra tato amin'ny ankohonam-piainana skolastikà, tato amin'ity "Tranon'ny Fahendrena" ity. Ny asantsika manaraka dia ny fitoriana ny fiadanana na aiza na aiza alehantsika.

Mialohan'ny nifaranana, nanana fotoana nahafahana nametraka fanontaniana ireo tanora andalam-piofanana ho Pretra. Namaly ireo fanontaniana maro napetrak'ireo Tanora ireo tamin'ny fomba mahitsy sy tanaty hatsaram-panahy I Cheikh Ahmad. Ny fahatongavany dia nampampirapiratra fahazavana rehefa nanambara ny hafatrin'ny fiadanana ho an'ny rehetra izy. Hitanay fa namihina matetika ny tanan'I Mompera Goris izy sady nilaza hoe: "fiadanana". Tena nilamina ny rivo-piarahana tanaty firahalahiana. Naharitra ora roa ny fihaonana izay nizotra tamimpilaminana ary tsy nisy nahatsikaritra.

Nofaranana tamin'ny vavaka tamin'ny teny Arabo nataon'I Cheikh Ahmad ny fihaonana. Ny hira nataony dia nahatsapana fiadanana sy filaminana ho an'ny rehetra. Toy ny mahafinaritra izany miaina anatin'ny rivo-piainana fisakaizana izany, toy ny mpiray vadirindrina. ■



Trano Fiofanan'ireo Tanora Montfortana miomana ho Pretra – Fonenan'ny Fahendrena, Malang, Indonezia. **Fijery azy avy ety amin'ny làlana**

Tononkira 17

Trosam-piantrana

13^e cantique, 50 couplets

1.

Indro hitako midina toy ny taratr'hazavana
Manakaiky izy , manantona izy
Hay! Tsy iza fa ny fiantrana,
Ny famindram-po .
Te hiombon-piainana amintsika,
Eh !zato hamoram-pony,
Tsy azo lavina ,
Satria tena kanto tokoa.

2.

Na dia tsy hay ambara ny halebeazany,
Na Andriamanitra mihintsy aza ny fiandrianany,
Mahazatra loatra ny halemen-panahiny
Antsoinay izy hoe fiantrana.
Feno famindram-po,
Ho an'ireo fadiranovana,
Toy ny hafenoina malefaka
Avy amin'ny mahalala tanana.

3.

Ity mpanjakavavy toa manadino
Ny maha mpanjaka azy
Hita loatra ny fahafoizany
Ho an'ireo mahantra anaty jaly,
Raisiny am-pifaliana eo am-pofaony
Indrindra ireo tena ory,
Ary mametraka ny tanany mora
Amin'ireo fery tena ratsy



4.

Kahihitra, olona saika very,
Tsy te hino ianao,
Nefa , minoa tsara , ry efa voasoratra,
Fa ho an'ny voninahitrao.
Antongilano mora ny sofinao
Amin'ireo ho hazavaiko rehetra,
Mba tena inoanao mazava,
Sy ho ampiharinao tsara.

5.

Ny fiatrana dia tena filàna,
Ny finoana no azoantsika antoka,
Ny zava-drehetra manamarina izany,
Hatramin'ny natiora aza.
Ireo namana manana hasambarana
Dia manana ray iraisana,
Tokony hanampy azy amin'ny fo tokoa
Toy ny iray tampo.

6.

Ny fiatrana dia didy
Avy amin'i Jesoa, ilay tompointsika,
Efa tena jamba tanteraka
Raha tsy mahalala azy:
Manomeza dia omena ianareo,
Io no andidiako anareo,
Raha tsy izany dia ho voaheloka ianareo
Tsy ilaina fanamarinana

7.

Ataovy ho toy ny fahotana
Ireo fananana mora simba,
Ny harena any an-danitra,
No tena namana ;
Mba tsy hisy mpangalatra hahatondra
Na amin-kery na amin-kafetsena
Tsy ho simba na oviana
Na harafesina na fahaterana

8.

Izay ataontsika dia fiatrana ho
an'Andriamanitra
Samy amin'ny fombany ,
Rivotra , ranomasina, tany , afo
Sy ny zava-boahary rehetra.
Jereo ny biby rehetra,
Ny sasany mamahana, ny hafa
mitondra,
Manena ny fijaliansika avokoa
Manome tanana antsika tokoa.



9.

Fa, betsaka vokatsoa azo
Anaty fahasoavana,
Ny Ray nanome antsika ny Zanany
Na dia teo aza ny tsy famendrehantsika,
Ny Zanaka nanome ny rehetra ho antsika
Hatramin'ny Eokaristia,
Ny Fanahy Masina midina ato anatintsika
Endrey! Fiatrana tsy misy farany.

10.

Rehefa mijery ilay Mpanjakavavin'ny lanitra
aho,
Ilay hany fanantenako,
Manome ho an'ireo mahantra an-tany aty
Ny fahatokisany iray manontolo,
Nomeny antsika am-pitiavana,
Nanaiky ho Renintsika,
Lazaiko marina fa ny fiatrana ,
Sady lehibe no tena ilaina.

11.

Jereo anie ireto vavolombelona ,
Ireo olomasina tsy misy ho kianina
Izay tsy nanana filàna hafa
Raha tsy ireo izay ory indrindra,
No nahitany fahafinaretana
Ny sombiny tamin'ny narapany
Mba hamahanany azy ireo.
Mahatohina ahy loatra

12.

Mba hanaovana fiatrana ho an'ny hafa,
Hitantsika izy nivarotra ny zava-drehetra,
Tsy nanajanona ho an'ny ampitso akory,
Malefaka loatra ny toe-pony
Zara raha nitafy,
Na ny tombontsoa aza namidiny
Mba hanalana ny fanadevozana

13.

Mila famelan-keloka ve ianao?
Tsy mamindra fo ny Tompo
Raha tsy amin'ny fo feno fiatrana
Sy famindram-po.
Ny ohatra omenao manalefaka azy
Na tsy ananany indrafo,
Ianao ihany no mamaha ny zava-drehetra
Noho izany manaova asa soa

14.

Inona no atao hoe mahantra?
Efa voasoratra fa Endriny izy ireny,
Lefitr'i Jesoa Kristy,
Ireo lovany tsara indrindra.
Fa mbola mihoatra noho izany aza,
Izy ireo mihintsy no Jesoa Kristy.
Na manampy na manda azy ireo
Ilay mpanjaka faratampony.

15.

Mijaly ny iray ao amin'ny mahantra
Ny hafa ao amin'ireo tsy misy ilaina azy,
Ny sasany ao amin'ny voafatotra,
Ny sasany ao amin'ny naona.
Farany, Jesoa , mijaly ao amin'izy ireo
Fahoriana tsy roa aman-tany,
Miseho amin'ireo mahantra
Ireo rehetra fadiranovana



16.

Aza alaina amin'ny mahantra ny anjarany,
Hoy ny Soratra Masina;
Iniana tsy henoina ny teny lazaina,
Na henoina tsy amin-tahotra,
Satria tsy afaka raha ny marina
Tazomina noho fahahirana
Izay nalana amin'ny fiantrana
Satria tsy rariny izany.

17.

Tokony tsy omen-danja
Ny fandaniana tsotra;
Manao ankoatr'izay , tena manararaotra
Izay iantsoina famalian'Andriamanitra,
Io no fitsaharana an'I Md Thomas
Olomasina Ray mihintsy.
Mpanan-karena, raha tsy mino ianao,
Dia hoy aho hoe voaozona

18.

Fantaro fa ny fanananao tazominao
Rehefa tsy ilaina,
Dia an'ny mahantra , fananany ireny
Hoy ny Evanjely
Avy aminy ireo entanao lokombolamena,
Ireo vato lafo vidy,
Ireo akanjo tsara loatra , sy miajaika,
Ireo firavaka lafo vidy

19.

Manan-jo hangataka ny mahantra
Amin'ireo fananana tsy ilaina akory,
Izay tsy afaka tazomin'ny mpanan-karena
Na mino ny mifanohitra an'izany aza izy,
Mpizara fotsiny izy,
Hoy Md Jean Chrysostome,
Avy eo olomasina hafa koa,
Ilay olomasina lehibe Md Jérôme.

20.

Ity tsy fisiana fiatrana
Tena lehibe loatra.
Tena ,haratsiana ,hoy ireo olomasina
Ary halatra tsotr'izao,
Tena famonoana ratsy loatra,
Izay no nolazain'ny Ray Masina,
Ny tsy fanomezana sakafo,
Ireo mahantra ao anaty fahoriana

21.

Fa hitantsika mazava
Fa ilaina ny fiantrana,
Ary tena azo antoka
Mahavokatra tsara ny tany;
Ny voany tsy dia misy mitovy aminy,
Tsy manan-tsahala
Satria mitondra zato heny
Ho an'ny olona tia fiatrana.

22.

Ny fiantrana toerana mafy,
Vata fitoeran-karena mahatoky,
Mitana izay rehetra atao ao
Ho an'ny fiainana mandrakizay.
Ao ny harena , volamena , volafotsy
No voatahiry eto an-tany
Amin'ny mpangalatra sy ny namany
Sy ireo aretin'ady rehetra

23.

Ireo voa izay afafy,
Ary izay mitombo,
Tena tombony , ary lehibe tokoa ,
Izay Andriamanitra manome voninahitra.
Loharano mikoriana
Tsy mihena na oviana na oviana ,
Fa afo izay miampita
Mivelatra tsy taza maso.

24.

Afaka antsoina tsy amin-tahotra
Vato fototra ,
Izay afaka ho amin'ny tsara na manova
Ny metaly izay maloto indrindra.
Izy no manova ny tany ho lanitra,
Ny hosoka ho tena izy,
Ny mora tapitra ho mandrakizay
O ilay vato tsy manan-tсахala

25.

Rehefa manao fiatrana , tsy misy very.
Fa toy ny manandrana,
Araka ny fiatrana koa , ny manao asa soa
Mitombo toy izay koa ny soa.
Ary latsaka anaty fahantrana kosa
Izay mafy fo sy be siasia,
Saingy rehefa manao soa,
Lasa mpanan-karena tokoa.

26.

Ny tsirairay manome voninahitra
Ireo olona tsara sitra-po,
Antsoina ao amin'ny Tompo izy ireo
Hoe Rain'ny ory .
Izy ireo no hantonina
Am-pitokiana,
Izy ireo no asaina mitarika
Ny famelabelaran-kevitra .

27.

Manome aina sy fahasalamana
No zava-dehibe indrindra:
Izay ataon'ny fitiavana
Tena mahagaga loatra.
Manohana izao tontolo izao amin'ny tanany
Tsy dia tena lehibe
Mihoatra amin'ny manohana ny hafa,
Manome azy izay ilainy.

28.

Ny fiatrana mahataona ny fo voakasika
Ireo fijalian'ny fanahy,
Voavidiny ny fahotana rehetra,
Mamono ny afo aza.
Amin'ny alalany, voaveloka ny heloka rehetra,
Toy ny batemy faharoa indray,
Manamarika izay efa voalahatra.
Amin'ny tombon-kase an'Andriamanitra

29.

Raha tsy nisy ity ilon'ny fiatrana
Izay tsy nanana ireo virjiny adala,
Ny lisiin'ny fahadiovana
Dia sady diso no tsy misy dikany.
Raha tsy misy azy, tsy misy fahamasinana,
Ary tsy misy tena marina,
Raha tsy misy azy ,tsy misy famatorana,
Na tsy misy ny mandrakizay.



30.

Tsy misy mahateny amin-kery
Raha tsy ny mahantra sy fiatrana,
Tonombavaka fotoana iray
Maka an'Andriamanitra eo amin'ny fiandrianany,
Manokatra ny tanana , mahafaly fo
An'Andriamanitra be fitiavana
Mamadika Azy , ilay mpamaly faty,
Ho namana tena akaiky.

31.

Tsipika, ampinga ,
Fitaovana tena manan-kery
Mampamenatra sy mampilofika
Ny demony maka fanahy antsika.
Manakana azy tsy hiampanga
Fanahy amin'ny fiainan-tsy hita
Ary manome hery
Ho tody any amin'ny tanindrazany



32.

Ny fahafatesan'ireo mpiantra
Dia fahatesana tena masina,
Maty eo anatrehan'ireo asa vitany,
Ampilaminana , tsy amin-tahotra.
Ireo asa fiatrana vitany no miaramilany
Hanome azy fandresena,
Ireo mahantra no mpisolovava azy
Hanome voninahitra azy.

33.

Ny fiatrana dia petra-bola masina
Izay Andriamanitra mihintsy no mitahiry mba
hamerina;
Averiny mba hahazoany antoka
Tsy afa miaro tena akory.
Ny fiatrana dia fifanarahana findraman-bola
Ilay Andriamanitra mihintsy no miantoka,
Anjatony ny zana-bola.
He!tombony masina.

34.

Ity ny fifanarahana fahatelo,
Ataovy tsara tadidy
Ny asa fiatrana tena izy dia toy ny vidy
Any an-danitra sy ho an'ny voninahitra;
Vita amin'ny harena mora mandalo
Toy ny singa tsy misy vidy
Fa any an-danitra kosa harena tsy misy fetra,
Fahasambarana tsy voarefy

35.

Ny mahihitra tsy manan-pitiavana,
Tsy manan-pinoana , tsy manan-panantenana,
Feno faharatsiana ,
Ary tsy vonona ny hanenina akory.
Amin'ny andro hafatesana , hiantso izy,
Fa Andriamanitra tsy hihaino azy .
Anjarany indray no ho voatevateva,
Hiverina aminy ny nataony.

36.

Fa izay namela ny ho an'ny hafa
Tsy mba nisy fanampiana,
Mahita an'Andriamanitra tsy misy tanana sy fo,
Tsy misy famindram-po.
Very izay nolaviny
Ireo mahantra tao amin'ny fahoriana,
Matetika efa voahosy,
Ny lanjan'ny fahatezarana.

37.

Ny fahafatesana no nangatahany famelana,
Nefa raha tsy Andriamanitra no nanome azy;
Ireo mafy fo maty anaty fandoazana
Sy tsy misy famindram-po.
Andriamanitra mitsara azy mahitsy,
Tsy misy hamoran-pon-dravy akory,
Manameloka azy amin'ny fahoriana
Amin'ny fahafatesana mandrakizay.



38.

Manaova fiatrana ry Kristiana tsara,
Mino ahy, mba hendry,
Izay no fomba azahoana harena
Ary ny harena rehetra tsy misy fizarana
Ny ota nalana ,
Ny fanahy voavela heloka,
Ireo harena any an-danitra voavidy
Fahoriana ho izay tsy nahazo

39.

Amin'ny andro fitsarana,
Andriamanitra tsy hahatsiaro
Afa tsy ireo fiantrana fotsiny,
Lehibe loatra ny voninahiny.
Asehony miharihary
Ireo fiatrana vita tsara,
Ary omeny azy ireo
Fiderana tonga lafatra.

40.

Avia, hoy ilay mpanavotra,
Ry nosoavin'ny Raiko,
Hanjakao ny fahasambarako,
Sy ny voninahitro iray manontolo.
Noho ny fanampiana ahy matetika,
Noho ianao nanao asa fiatrana,
Ataoko mpanjaka mandrakizay ianao
Ary apetrako eo amin'ny seza fiandrianana.

41.

Omeo avokoa ny fanananao;
Ity fiatrana ity tena malina,
Raha tsy izany tsy misy vidiny
Na dia mikiaka aza izy.
Aloavy ny an'I Sezara, avereno ny
an'Andriamanitra,
Aloavy ny trosanao rehetra,
Omeo ireo tena mahantra
Eo amin'ny toerana misy anareo.

42.

Tsy hitanareo ve Andriamanitra
Amin'ireo tena mahantra,
Omeo azy ireo manokana
Ny fanampiana aman-piatrana.
Na tsara fanahy na ratsy fanahy izy ireo,
I Jesoa mihintsy no omena.
Rehefa ao anatiny,
Izy amin'ny maha izy azy.

43.

Manaova foana ny fiatrana
Ary fiatrana any amin'ny mangina,
lalao ny eboebo
Ny fireharehana manenoneno.
Ankoatr'izay dia ny fiatrana tsy misy vokany,
Fiatrana feno fiatsaran-belatsihy
Izay atao hitan-bahoaka sy atao amin'ny feo mahery
Dia tsy ahitan-bokatra.



44.

Manomezan fiatrana am-pitiavana,
Araka ny fanananao,
Araka izay ilain'ny mahantra
Na dia manelingelina anao.
Fa omeo azy am-pifaliana,
Mba tsy hisy ngidy ianao
Na dia tsy hilaza amin'izao:
Mandeha , Andriamanitra hitahy anao.

45.

Omeo haingana ny mahantra
Nefa aza amidy ny fiatrana ataonao
Amin'ny fahatarana lava
Ny mahantra mitaraina aminao
Ataovy am-panajana fatratra
Ny mahantra mitalaho aminao
Misy vidiny ity fiatrana,
Mampitombo ny fiatrana.

46.

Manaova fiatrana foana ,
Ho an'ny vatana sy ny fanahy,
Mba tsy hisy na iray amin'ireo,
Na lahy na vavy;
Omeo sakafo hohanina ny iray,
Omeo rano hosotroina ny hafa,
Dia handray avy amin'ny mahantra vahiny
Fanajana sy voninahitra.

47.

Ataovy fahazarana amin'ny hafa
Mba nafenana ny fahantrana,
Vangio ny iray izay maina
Ny hafa izay diso fanantenana,
Vangio izay any an-tranomaizina
Izay tena romotra tokoa,
Aloavy amin'ny hafa ny vidim-panavotana
Hanalana azy any fanadevozana.

48.

Aza mba adino ireo mahantra maty,
Ny fiatrana no famonjena ho azy;
Ezaho alevina miaraka vatany
Na efa nataony aza.
Ireo asa fiatrana
Na antsoina ara-batana,
Inty aza tena hatsarana
Fa saingy ara-panahy loatra.

49.

Ampianaro ireo mahantra bado
Ary omeo fahazavana izy,
Hahitsio ireo olo-diso
Tsy aman-kery na hatezerana;
Omeo toro hevitra toy namana izy,
Avelao ny otany rehetra,
Mivavaha amin'Andriamanitra ho an'ny fahavalonao,
ity no fiantrana tena madio

50.

Ankaherezo ireo mahantra reraka
Ny alahelo manavesatra azy,
Ny fony rotidrotika
Amin'ny fiselokoina mahatahotra;
Mivavaha amin'Andriamanitra ho an'ireo ratsy fanahy
Mba hamindrany fo
Na ny maty na ny velona
Tsy misy ho adinoana na iray aza ■



Teny Malagasy

*Bulletin Mensuel
de Formation et
d'Information*

***Association
Marie Reine
des Coeurs***

**MISSIONNAIRES
MONTFORTAINS**


Tél (+39) 06-30.50.203

Fax (+39) 06 30.11.908

Viale dei Monfortani, 65, 00135,
Rome – ITALIE

<http://www.montfortian.info/amqah/>

E-mail: rcordium@gmail.com



Jésus Vivant en Marie